# 24 NY SOKAJIN-TENY ANARANA

## TANJONA

- Mamantatra ny sokajin-teny anarana ary manavaka izany.

## LESONA HOTADIDINA

**Inona no antsoina hoe “Anarana”?**

Ny anarana dia teny na andian-teny enti-manondro na milaza zavatra, manana aina na tsy manana aina, hita maso na tsy hita maso, azo tsapain-tanana na tsy azo tsapain-tanana, na toerana na fotoana.

Ohatra: Rindra, vary, fianarana, Mahajanga… ..

**Misy karazany roa ny anarana :**

- 1) Anarana iombonana: Teny enti-milaza zavatra iraisana. Raha ilazana sokajin’olona na biby na zavatra na hevitra, ... mitovy toetra ny anarana dia izany no atao hoe anarana iombonana.

Ohatra: hazo, hazavana, omby, fambolena...

- 2) Anaran-tsamirery: Ilazana anaran-javatra tokana ka iavahany amin’ny hafa ary atomboka amin’ny sorabaventy lalandava ny fanoratana azy.

Raha anondroana singan’olona na biby na zavatra na hevitra, ... manokana ny anarana dia izany no atao hoe anaran-tsamirery .

Ohatra: Randria, Antananarivo, Amerika, Laingo, Afrika, ..

## Sahanasa 1

Indreto misy fehezanteny:

F1: Nanatitra atody taty I Ravero omaly.

F2: Samy nitondra sakafo maivana izy rehetra.

F3: Nosasain'I Hary teny amin'ny renirano ny akanjo maloto rehetra.

F4: Mazoto mianatra any Frantsa avokoa ny tanora malagasy.

F5: Ny fambolena sy fiompiana no foto-piveloman'ny ray aman-drenin'I Safidy.

1.Tsimpony ireo sokajin-teny "Anarana" amin'ireo fehezanteny ireo

2.Fenoy avy amin'izany ity fafana ity:

| Anarana iombonana | Anaran-tsamirery |
|---|---|
| | |

3.Mamorona anarana iombonana roa avy avy amin'ireto foto-teny manaraka ireto:

Jaly:

Sambatra:

Dio:

Zara:

Sahanasa 2

## I Doaka

Rehefa voatana dia niantomboka ny famelezana azy. Natomboka ny lefona nefa raha tsy niforitra dia nanjilatra. Nakapa sy natsindrona ny antsy nefa tsy nahalatsaka na variraiventy aza. Rehefa hita fa tahaka ny havandra namely hodi-tsokatra ny zavatra rehetra nafitsoka tamin'ny lamosiny sy ny fanamboniny dia natsimbadiky ry zareo rangahy ka ny fanambaniny no nataony ambony. Nasiany tamin'izany ka tsy ampy anisana folo akory, dia efa lefona sy lelan'antsy tsy omby roapolo no nirobadrobaka tamin'ny kibony sy ny tratrany ary ny tendany. Taitra izy tamin'izany ka nihaha ny nifiny ary naloany ny ranjon'I Doaka nataony kaiki-maty. Vantany vao afaka I Doaka dia nisy telolahy nifanakona nibata azy hoe eny an-tanety sy namelombelona azy……

1. Tsimpony ny anarana hita amin'io ampahan-dahatsoratra io.
2. Avaho ny anaran-tsamirery sy ny anarana iombonana .
3. Mamorona fehezanteny 5 ka anarana no ampiasao ho L.